TOROLALANA HO AN' NY

# FIANAKAVIANA

TOROLALANA HO AN' NY

# FIANAKAVIANA

Navoakan'ny
Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany
Salt Lake City, Utah

© 1992, 1999, 2001, 2006 an'ny Intellectual Reserve, Inc.
Zo rehetra voatokana
Natonta tany Etazonia

Fankatoavana ny teny Anglisy: 2/06
Fankatoavana ny fandikana: 2/06
Fandikana ny *Family Guidebook*
Malagasy

# Votoatiny


| | |
|---|---|
| "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao" | iv |
| Rafitra sy tanjon'ny Fianakaviana | 1 |
| Fampianarana ny Filazantsara ao an-tokantrano | 5 |
| Fanatanterahana ny andraikitry ny fianakaviana | 15 |
| Fanofanana omen'ny mpitarika | 19 |
| Fanaovana fotoam-pivavahana ao an-tokantrano (Ho an'ireo fianakaviana any amina toerana mitoka-monina) | 20 |
| Ôrdônansy sy tsodranon'ny Fisoronana | 22 |
| Fahazoana fitaovana ampiasaina ao am-piangonana sy fitadiavana ny mombamomba ny tetiarana | 31 |

# "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao Tontolo izao"

Tamin'ny taona 1995 dia namoaka ny "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao Tontolo izao" ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifololahy. Izany fanambarana izany dia fanehoana sy fanamafisana indray ny fotopampianarana sy ny fomba amam-panao izay naverimberin'ireo mpaminany nandritra ny tantaran'ny Fiangonana. Ahitana fitsipika tena ilaina amin'ny fahasambarana sy izay mahasoa ny fianakaviana rehetra izany. Tokony handalina ny fanambarana ny olona ao amin'ny fianakaviana ary tokony hiaina araka ny fitsipika ao.

"Izahay, Fiadidiana Voalohany sy ny Filankevitry ny Apôstôly Roambinifololahy ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, dia manambara amim-boninahitra fa ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy dia didin'Andriamanitra ary ny fianakaviana dia fototry ny drafitry ny Mpahary ho an'ny anjara mandrakizain'ny zanany.

"Ny olombelona rehetra—na lahy na vavy—dia nohariana araka ny endrik'Andriamanitra. Ny tsirairay dia zanaka ara-panahy lahy na vavy malalan'ny Ray aman-dreny any an-danitra, ary araka izany, ny tsirairay dia samy manana ny toe-panahy araka an'Andriamanitra sy ny anjarany. Ny maha-lahy na maha-vavy dia toetra iray mampiavaka tena ilain'ny olona iray tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana, amin'izao fiainana an-tany izao, ary amin'ny famantarana manokana sy ny tanjona mandrakizay.

"Tany amin'ny fanjakana talohan'ny nahaterahana, ireo zanaka lahy sy vavy ara-panahy dia nahafantatra sy nanompo an'Andriamanitra tahaka ny Rainy mandrakizay ary nanaiky ny drafiny izay hanome ny zanany fahafahana hahazo vatana ka hahazoany traikefa ety ambonin'ny tany mba handrosoany mankany amin'ny fahatanterahana ary amin'ny farany dia hahatontosa ny anjara masiny dia ny handova ny fiainana mandrakizay. Ny drafitra masin'ny fahasambarana no ahafahan'ny fifandraisana eo amin'ny fianakaviana haharitra mandrakizay any ankoatry ny fasana. Ireo ôrdônansy sy fanekempihavanana masina misy any amin'ny tempoly masina no mahatonga izany ho azo tanterahina ho an'ny tsirairay mba hiverenany eo anatrehan'Andriamanitra sy ahafahan'ny fianakaviana ho iray mandrakizay.

"Ny didy voalohany izay nomen'Andriamanitra an'i Adama sy Eva dia momba izay mety haha-ray aman-dreny azy amin'ny maha-mpivady azy. Ambaranay fa ny didin'Andriamanitra ho an'ny zanany mba hitombo ka hameno ny tany dia mbola manan-kery. Ambaranay

ihany koa fa Andriamanitra dia nandidy fa ny lehilahy sy ny vehivavy nivady ara-dalàna ihany no tokony hampiasa ny fahefana masin'ny fananahana.

"Ambaranay fa ny fomba namoronana ny fiainana an-tany dia tendrin'Andriamanitra. Hizingizininay ny fahamasinan'ny fiainana sy ny mahazava-dehibe izany eo amin'ny drafitra mandrakizay an'Andriamanitra.

"Ny mpivady dia manana andraikitra feno voninahitra mba hifankatia sy hifampikarakara ary hanao toy izany koa amin'ny zanany. 'Lova avy amin'i Jehovah ny zanaka maro' (Salamo 127:3). Manana andraikitra masina ny ray aman-dreny mba hitaiza ireo zanany amim-pitiavana sy amim-pahamarinana, hanome izay filàna ara-batana sy ara-panahin'izy ireo, hampianatra azy mba hifankatia sy hifanompo, hitandrina ny didin'Andriamanitra ary ho olom-pirenena vanona na aiza na aiza hitoerany. Ny mpivady—ireo reny sy ireo ray—dia tompon'Andraikitra eo anatrehan'Andriamanitra amin'ny fanatanterahana izany adidy izany.

"Ny fianakaviana dia tendrin'Andriamanitra. Ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy dia tena ilaina eo amin'ny drafitra mandrakizainy. Natao ho teraka ao anatin'ny fanambadiana ny ankizy, ary hotezain'ny ray sy ny reny izay manaja ny fanekena nataony tamin'ny fanambadiana amim-pahatokiana tanteraka. Ny fahasambarana ao amin'ny fiainam-pianakaviana dia ho tratra rehefa miorina amin'ny fampianaran'i Jesoa Kristy Tompo. Ny fanambadiana sy ny fianakaviana mahomby dia naorina sy nokolokoloina tamin'ny fitsipiky ny finoana, ny vavaka, ny fibebahana, ny famelan-keloka, ny fanajana, ny fitiavana, ny fiantrana, ny asa, ary ny fialamboly mahasoa ny tena sy ny fanahy. Araka ny drafitr'Andriamanitra, ny ray no tokony hitarika ny fianakaviana amim-pitiavana sy amim-pahamarinana ary tompon'andraikitra amin'ny fanomezana izay ilaina eo amin'ny fiainana sy ny fiarovana ny fianakaviany. Ny reny dia tompon'andraikitra voalohany eo amin'ny fitaizana ny zanany. Manoloana izany andraikitra masina izany, ny ray sy ny reny dia voatery hifanampy amin'ny maha-mpiara-miasa mitovy azy ireo. Ny kilema, ny fahafatesana, na ny anton-javatra hafa dia mety ilàna fifandaminana hafa. Ireo havana dia tokony hanome fanampiana raha ilaina.

"Mampitandrina izahay fa ireo izay mandika ny fanekempihavanan'ny fahadiovam-pitondrantena, ireo izay mamono ny vadiny sy ny taranany, na ireo izay tsy manao ny andraikiny ao amin'ny fianakaviana, dia hijoro ho tompon'andraikitra eo anatrehan'Andriamanitra indray andro any. Ankoatr'izany, dia mampitandrina koa izahay fa ny faharavan'ny fianakaviana dia hitondra eo amin'ny tsirairay, eo amin'ny fiaraha-monina, ary eo amin'ny firenena loza izay efa

nambaran'ireo mpaminany teo aloha sy ankehitriny.

"Manainga ireo olom-pirenena rehetra mahatsiaro ny adidiny sy ireo olona ao amin'ny fitondram-panjakana na aiza na aiza misy azy izahay mba hampandroso izany fepetra natao hikoloana sy hanatanjahana ny fianakaviana izany ho singa iorenan'ny fiaraha-monina" (*Ensign*, Nov. 1995, 102).

# Rafitra sy tanjon'ny Fianakaviana



## Rafitra

Masina ny fianakaviana ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany ary vondrona iray tena manan-danja eo amin'ny fiaraha-monina eto an-tany sy mandrakizay izany. Nanorina ny fianakaviana Andriamanitra mba hitondrana fifaliana ho an'ny zanany sy hahazoany mianatra fitsipika marina ao anatin'ny toerana feno fitiavana ary mba hiomanany amin'ny fiainana mandrakizay.



Ny tokantrano no toerana tsara indrindra ampianarana sy ianarana ary ampiharana ny fitsipiky ny filazantsara. Ao no toerana ianaran'ny olona tsirairay mitady sakafo, akanjo, ary toeram-pialofana sy ireo zavatra hafa ilainy. Ny ray sy ny reny amin'ny maha-mpiara-miasa mitovy azy dia tokony hanampy ny olona tsirairay ao amin'ny fianakaviana mba:

- Hitady ny fahamarinana sy hampitombo ny finoana an'Andriamanitra.
- Hibebaka amin'ny fahotana, hatao batisa ho famelana ny fahotana ary ho lasa mpikamban'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany sy handray ny Fanahy Masina.
- Hitandrina ny didin'Andriamanitra, handalina amim-paharisihana ny soratra masina sy hivavaka manokana isan'andro ary hanompo ny hafa.
- Hizara ny filazantsara amin'ny hafa.
- Handray ny fanafiana masina sy hanambady namana mendrika iray mandrakizay any amin'ny tempoly, hanorina tokantrano sambatra ho an'ny fianakaviana ary hikarakara ny fianakaviana amim-pitiavana sy amim-pahafoizantena.



- Hikaroka ny mombamomba an'ireo razam-be ary hanatanteraka ny ôrdônansy any amin'ny tempoly ho azy ireo.



- Hanome ny fikolokoloana ilaina ho an'ny fahasalamana ara-panahy, ara-piaraha-monina, sy ara-batana ary ara-pihetseham-po.

Miahy ny fianakaviana ny ray ary tompon'andraikitra amin'ny fampianarana ny zanaka sy ny fanomezana ireo zavatra ilain'ny fianakaviana eo amin'ny fiainana. Ny ray mendrika sy voafidy ao amin'ny Fiangonana dia manana fahafahana hihazona ny fisoronana izay hery sy fahefana hiasana amin'ny anaran'Andriamanitra. Lasa mpitondra ny fisoronana ao amin'ny fianakaviany ny ray amin'ny alalan'izany hery sy fahefana izany. Mitarika ny fianakaviany izy mba hiomana hiverina eo anatrehan'ny Raintsika any an-danitra. Ny vadiny no tena namany sy mpiara-miasa aminy ary mpanolotsainy lehibe indrindra. Ny mpivady dia tokony miara-mifanoro hevitra momba ny zava-drehetra manodidina ny fianakaviana sy ny tokantrano.

Tokony hanome ny zavatra ilain'ny fianakaviany ara-panahy ny ray. Tokony maka antoka izy fa ampianarina ny filazantsaran'i Jesoa Kristy izy ireo ary tokony hanao izay vitany izy

hankaherezana sy hanampiana azy ireo hitandrina ny didin'ny Tompo.

Afaka manome tsodrano ny fianakaviany ny ray izay mihazona ny fisoronana ary manome ny zavatra ilain'izy ireo ara-panahy. Amin'ny alalan'ny fahefan'ny fisoronana izay mifanaraka amin'izany sy *miaraka amin'ny fahazoan-dalana avy amin'ny mpitondrany ao amin'ny fisoronana*, ny ray dia afaka:

1. Manome anarana sy mitsodrano zazakely.
2. Manao batisa ankizy (sy ny olon-kafa).
3. Mandray ankizy (sy ny olon-kafa ) ho mpikamban'ny Fiangonana ary manome azy ireo ny Fanahy Masina.
4. Manome ny fisoronana ho an'ny zanakalahiny (sy ny olon-kafa) ary manendry azy ireo amin'ny andraikitra ao amin'ny fisoronana.
5. Manamasina sy mizara ny fanasan'ny Tompo.
6. Manokana fasana.

Ny ray izay mihazona ny Fisoronana Melkizedeka dia afaka manamasina ny menaka sy manome tsodrano ny olona ao amin'ny fianakaviany sy ny hafa rehefa marary izy ireo ary manome azy ireo tsodrano manokana amin'ny fotoana hafa rehefa ilaina izany ka *tsy ilàna fahazoan-dalana avy amin'ny mpitondrany ao amin'ny fisoronana izany rehetra izany*. (Jereo ny pejy 22–30 ao amin'ity boky ity momba ny torolalana amin'ny fanatanterahana ôrdônansy sy ny tsodranon'ny fisoronana.)

Ny ray dia manao izay handraisan'ny fianakaviany anjara tanteraka ao amina andraikitra fototra telo:

1. Fiomanana ara-panahy sy ara-nofo ataon'ny tena manokana sy ataon'ny fianakaviana.
2. Fizarana ny filazantsara.
3. Fanaovana tetiarana sy fanatanterahana ireo ôrdônansy ho an'ny velona sy ny maty any amin'ny tempoly.

Ny renim-pianakaviana dia mpiaramiasa sy mpanolotsaina mitovy ho an'ny vadiny. Manampy azy mampianatra ny zanany ny lalàn'Andriamanitra izy. Raha tsy misy ray ao amin'ny tokantrano dia ny reny no miahy ny fianakaviana.

Tsy maintsy iray tanjona ny ray sy reny. Ny tanjony dia tokony hanomana ny olona rehetra ao amin'ny fianakaviana mba hiverina any amin'ny Ray any an-danitra. Tokony hivondrona izy ireo rehefa miasa mba hanatanteraka izany tanjona izany. Naorin'ny Tompo ny Fiangonana mba hanampiana ny ray sy ny reny amin'ny fampianarana sy ny fikarakarana ny fianakaviany.

Rehefa tonga ao amin'ny fianakaviana ny zanaka dia tsy maintsy mitia azy ny ray aman-dreny sy mampianatra azy ireo ny fahamarinan'ny filazantsara ary mba ohatra amin'ny fiainana amim-pahamarinana. Ny zanaka dia tokony mianatra sy mitandrina ny didin'Andriamanitra.

Tokony manome voninahitra sy manaja ny ray aman-dreniny izy ireo.

Miankina amin'ny fianakaviana sy ny olona tsirairay izay miaina ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ny herin'ny Fiangonana. Ny halehiben'ny fahasoavan'ny filazantsara azon'ny fianakaviana iray dia miankina be dia be amin'ny hoe hatraiza ny fahatakarana sy ny fanatanterahan'ilay ray sy reny ny andraikitra fototra amin'ny maha-ray amandreny azy. Ny Fiangonana dia tsy mikasa velively hanome fandaharan'asa na andraikitra izay hanahirana sy hahakivy ny ray sy reny na hahatonga azy ireo tsy hiraharaha ireo tena adidy fototra ireo.

## Tanjona

Satria tia antsika ny Raintsika any an-danitra dia tiany isika mba ho lasa tafasandratra toa Azy. Mba hanampiana antsika dia nomeny drafitra iray arahina isika izay mifototra amin'ny lalàna masin'ny fahamarinana. Ireo izay mianatra momba ilay drafitra ary manaraka izany amim-pahatokiana dia afaka indray andro any ho lasa tahaka ny Raintsika any an-danitra ary miaina ny fomba fiainany.

Ao anatin'ilay drafitra ny nandaozantsika ny lanitra ary ny nahatongavantsika eto an-tany. Mahazo vatana isika eto sy mianatra avy amin'ny zavatra izay iainantsika ary maneho porofo fa mendrika ny hiaina indray eo anatrehan'Andriamanitra. Maneho porofo isika fa mendrika amin'ny alalan'ny fisafidianana malalaka ny hitandrina ny didiny. (Jereo Abrahama 3:23–25; 2 Nefia 2:27.)

Mba hanampiana antsika hiomana hiara-hiaina Aminy, dia nandrindra antsika ho ao anatina fianakaviana ny Raintsika any an-danitra. Afaka ho iray mandrakizay ny fianakaviantsika amin'ny alalan'ny ôrdônansy sy fanekempihavanana masina.

# Fampianarana ny Filazantsara ao an-tokantrano



## Mampianatra ny ankizy amin-katsaram-panahy sy amim-pitiavana

Nodidian'ny Tompo ny ray aman-dreny mba hampianatra ny filazantsara ny zanany. Hoy Izy:

Ary ankoatra izany, raha manan-janaka ao Ziona na any amin' ireo tsatòkany izay voatsangana ny ray aman-dreny ka tsy mampianatra azy, hahazoany ny fotopampianarana momba ny finoana an' i Kristy, ny Zanak' Ilay Andriamanitra velona, ary ny momba ny batisa sy ny fanomezana ny Fanahy Masina amin' ny alalan' ny fametrahan-tanana, rehefa feno valo taona izy, dia mby eo amin' ny lohan' ny ray aman-dreny ny fahotana.

"Fa izany dia ho lalàna ho an' ny mponin' i Ziona, na any amin' ireo tsatòkany izay voatsangana.

"Ary ny zanany dia hatao batisa ho famelana ny fahotany rehefa feno valo taona ary handray ny fametrahan-tanana.

"Ary hampianariny ny zanany ny hivavaka sy ny handeha araka ny hitsiny eo anoloan' ny Tompo." (F&F 68:25–28).

Tokony hampianatra amin-katsaram-panahy sy amim-pitiavana ny ray aman-dreny ary hahatsiaro ny torohevitry ny Apôstôly Paoly hoe "hitaiza [ny zanany] amin'ny famaizana sy ny fananaran'ny Tompo izy" (Efesiana 6:4).

## Fandalinan'ny fianakaviana ny soratra masina

Tsy Afaka ho tonga tahaka ny Raintsika any an-danitra isika ary hiaina ny fiainany raha tsy mankatò ny lalàna izay ifotoran'izany fitahiana izany (jereo F&F 130:20–21). Alohan'ny hankatoavana ny lalàna dia tsy maintsy fantatrao ny momba azy ireo. "Tsy azo heverina ny hamonjena ny olona ao amin' ny tsy fahalalana." (F&F 131:6).

I Jesoa Kristy no mpitarika antsika sy mpanome lalàna ho antsika. Fantany ny lalana izay tokony halehantsika sy ny lalàna izay tokony hankatoavintsika ary nanasa antsika tsirairay avy Izy mba hanaraka Azy. Hoy Izy, "Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana; tsy misy olona mankany amin'ny Ray afa-tsy amin'ny alalako" (Jaona 14:6). Mba hahatonga antsika ho toy ny Raintsika any an-danitra sy hiverenantsika any Aminy dia tsy maintsy mianatra ny fampianaran'i Jesoa isika ary manaraka azy ireo. Manana ny soratra masina isika izay manampy antsika hahalala momba ny fiainana, sy ny fampianarana ary ny didin'i Jesoa Kristy.

Ireo boky efatra izay eken'ny Fiangonana ho soratra masina dia ny Baiboly, ny Bokin'i Môrmôna sy ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, ary ny Voahangy Lafo Vidy. Izy ireo dia manazava ny lalàn'ny filazantsara sy ny fitsipika ahafahantsika mandanjalanja ny eritreritra, ny asa sy ny fampianarana. Manampy antsika hahafantatra momba ny fiainana sy ny fampianaran'i Jesoa Kristy izy ireo ary mampiseho ohatra na olona izay nanana finoana an'Andriamanitra ary nitandrina ny didiny.

Nampianatra antsika mba handinika sy handalina ny soratra masina i Jesoa (jereo Jaona 5:39; 3 Nefia 23:1; F&F 88:118).

Tokony hiara-handalina tsy tapaka ny soratra masina ny fianakaviana mba hianatra sy hanaraka ny fampianaran'ny Tompo. Tokony hamory ny fianakaviana amina fotoana efa voatokana isan'andro ny ray aman-dreny mba hamaky sy hiresaka momba ny soratra masina. Ny olona tsirairay ao amin'ny fianakaviana izay afaka mamaky teny dia tokony hanana fahafahana hamaky ny soratra masina.



Afaka mivavaka ny olona iray ao amin'ny fianakaviana alohan'ny famakiana ny soratra masina ary mangataka ny Ray any an-danitra mba hitahy ny tsirairay mba hahazo izay vakiana sy hahazo fijoroana ho vavolombelona momba an'izany. Mety tian'ny fianakaviana ny manao ny vavaky ny mpianakavy aorian'ny famakiana ny soratra masina.

Rehefa mamaky sy misaintsaina ny soratra masina ny fianakaviana dia tehitovy bebe kokoa amin'ny Mpamonjy izy ireo ary hahita fifaliana sy fiadanana lehibe kokoa eo amin'ny fiainany.

## Vavaky ny tsirairay sy vavaky ny mpianakavy

Tokony mianatra miresaka amin'ny Raintsika any an-danitra amin'ny alalan'ny vavaka isika tsirairay. Tia antsika Izy ary tiany isika mba hiresaka aminy. Tiany isika mba hisaotra Azy noho ireo fitahiana azontsika ary hangataka ny fanampiany sy ny fitantanany. Hanampy antsika Izy rehefa mangataka isika. Ny ankamaroan'ny vavaka dia atao amim-panondrehana ny lohantsika sy miaraka amin'ny masontsika mikimpy rehefa mandohalika na mipetraka na mitsangana isika.

Mila mitadidy fitsipika manan-danja efatra isika rehefa mivavaka:

1. Manomboka ny vavaka ataontsika isika amin'ny firesahana amin'ny Raintsika any an-danitra: "Ry Rainay any an-danitra . . ."
2. Misaotra ny Raintsika any an-danitra isika noho ireo zavatra nomeny antsika: "Misaotra anao izahay . . ."
3. Mangataka Aminy izay fanampiana ilaintsika isika: "Mangataka Aminao izahay . . ."
4. Mamarana ny vavaka ataontsika amin'ny anaran'ny Mpamonjy isika: "Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena."

Tsy voatery hanaraka foana ireo dingana efatra ireo ny vavaka ataontsika saingy ny fananana azy ireo ao antsaina dia hanampy antsika hianatra hivavaka. Tokony hanomboka sy hamarana foana ny vavaka ataontsika isika amin'ny alalan'ny dingana voalohany sy ny dingana farany fa izay lazaintsika eo afovoany dia hiankina amin'izay zavatra tsapatsika. Indraindray dia te-hanokana ny ampahany lehibe amin'ny vavaka iray ataontsika isika ho fisaorana ny Raintsika any andanitra. Misy fotoana hafa izay mety te-hanokanantsika ny ampahany lehibe amin'ny vavaka iray ataontsika ho fangatahana fanampiana.



**Vavaky ny tsirairay**

Ny olona tsirairay dia tokony hivavaka manokana farafahakeliny indray mandeha isa-maraina sy isan-kariva. Tokony hampianatra ny zanaka hivavaka manokana ny ray aman-dreny raha vao manomboka miteny izy.

Afaka mampianatra ny zanaka hivavaka ny ray aman-dreny amin'ny alalan'ny fandohalihana miaraka aminy ary mampamerimberina azy fehezanteny iray isaky ny mandeha. Ho afaka hanao vavaka manokana ny ankizy ao anatin'ny fotoana fohy.

**Vavaky ny Mpianakavy**



Ny fianakaviana tsirairay dia tokony hanao vavaky ny mpianakavy isan'andro. Mandohalika ny fianakaviana iray manontolo ary ny lohan'ny fianakaviana no manao ny vavaka na mangataka olona iray ao amin'ny fianakaviana hanao izany. Ny olona tsirairay dia tokony hanana fahafahana hanao vavaka foana. Afaka mandray anjara ny ankizy kely miaraka amin'ny fanampian'ny ray aman-dreniny. Ny vavaky ny mpianakavy dia fotoana tena tsara mba hampianarana ny ankizy ny fomba fivavahana ary hampianarana ny fitsipika toy ny finoana an'Andriamanitra, ny fanetrentena sy ny fitiavana.

**Vavaka atao noho ny antony manokana**

Tokony hampianatra ny zanany ny ray aman-dreny fa Andriamanitra dia vonona foana hihaino ny vavaka ataon'izy ireo. Ankoatra ny vavaka ataony manokana sy ny vavaky mpianakavy araka ny mahazatra dia afaka mivavaka izy na amin'ny fotoana inona na amin'ny fotoana inona rehefa mila fanampiana manokana na te-haneho fisaorana.

**Fitsofandrano ny sakafo**



Tokony hataon'ny ray aman-dreny izay hahaizan'ny olona ao amin'ny fianakaviana misaotra an'Andriamanitra noho ny sakafony ary mangataka Azy mba hitsodrano izany alohan'ny hihinanany. Ny olona tsirairay, ao anatin'izany ny ankizy dia tokony handray anjara amin'ny fanaovana fitsofandrano. Ny fanaovana vavaka ho fitsofandrano ny sakafo dia manampy ny ray aman-dreny sy ny zanaka mba hahay hisaotra an'Andriamanitra.

## Ny Takarivan'ny mpianakavy

Natao ho an'ny olona rehetra ny takarivan'ny mpianakavy, ao anatin'izany ny mpivady vao, ny ray sy reny miaraka amin'ny zanaka, ny mananotena miaraka amin'ny zanaka, ny ray aman-dreny izay tsy manan-janaka ao an-tokantrano, sy ny tanora tsy manambady ao anatina vondron'ny takarivan'ny mpianakavy ary ireo izay mipetraka irery na miara-mipetraka amina namana. Ny olona rehetra na inona na inona toe-javatra eo amin'ny fiainany dia hotahiana amin'ny alalan'ny fanaovana takarivan'ny mpianakavy. Manokana ny Alatsinainy hariva ny Fiangonana tsy hanaovana zavatra hafa mba hahafahan'ny fianakaviana miaraka amin'ny takarivan'ny mpianakavy.



Hoy ny Fiadidiana Voalohany hoe: "Mampanantena fitahiana lehibe izahay raha manaraka ny torohevitrin'ny Tompo ianareo ary manao tsy tapaka ny takarivan'ny mpianakavy. Mivavaka lalandava izahay mba haneken'ny ray aman-dreny ao amin'ny Fiangonana ny andraikiny hampianatra sy hampiseho ohatra amin'ny fitsipiky ny filazantsara ho an'ny zanany. Andriamanitra anie hitahy anareo mba hanana faharisihana ao amin'izany andraikitra tena lehibe izany" ("Message from the First Presidency," *Family Home Evening Resource Book* [1983], iv).

Amin'ny maha-patriarky ny fianakaviany azy dia mitarika ny takarivan'ny mpianakavy ny ray. Raha tsy eo ny ray dia ny reny no mitarika. Ny ray aman-dreny dia mitarika na mifidy olona ao amin'ny fianakaviana mba hitarika ny takarivan'ny mpianakavy. Mampianatra ny lesona izy ireo na manendry ny ankizy izay efa ao amin'ny taonan'ny fahafahana mampianatra mba hanao ny fampianarana. Izay rehetra efa mba lehibebe dia tokony hanana fahafahana handray anjara. Ny ankizy madinika dia afaka manampy ohatra amin'ny fitarihana hira, ny famakiana andinintsoratra masina, amin'ny famaliana fanontaniana sy ny fihazonana sary, sy ny fizarana sakafo ody am-bava-fo ary amin'ny vavaka.

Ireto manaraka ireto misy torohevitra ho an'ny fandaharam-potoanan'ny takarivan'ny mpianakavy:

- Hira fanokafana (ataon'ny fianakaviana)
- Vavaka fanombohana (ataon'ny olona iray ao amin'ny fianakaviana)
- Famakiana tononkalo na soratra masina (ataon'ny olona iray ao amin'ny fianakaviana)

- Lesona (ataon'ny ray na ny reny na ny zanaka efa lehibebe)
- Fiaraha-mientana (tarihan'ny olona iray ao amin'ny fianakaviana ary iarahan'ny olona rehetra ao amin'ny fianakaviana manao)
- Hira famaranana (ataon'ny fianakaviana)
- Vavaka famaranana (ataon'ny olona iray ao amin'ny fianakaviana)
- Fanaovana ody am-bava fo

Afaka manao ny takarivan'ny mpianakavy amin'ny fomba maro samihafa ny fianakaviana iray. Izay fiaraha-mientana rehetra mety mampiaraka ny fianakaviana sy manamafy ny fifankatiavana sy manampy azy ireo hanakaiky bebe kokoa ny Ray any andanitra ary mankahery azy ireo hiaina amim-pahamarinana dia afaka atao amin'ny takarivan'ny mpianakavy. Ohatra amin'izany ireto, ny soratra masina, ny firesahana momba ny filazantsara, ny fijoroana ho vavolombelona, ny fanaovana asa fanompoana, ny fiarahana mihira sy ny fandehanana mitsangatsangana ary ny fanaovana kilalaon'ny mpianakavy ary fandehanana mihanika tendrombohitra. Ny takarivan'ny mpianakavy rehetra dia tokony hisy vavaka foana.

Ny leson'ny takarivan'ny mpianakavy dia afaka mifototra amin'ny soratra masina, sy ny tenin'ireo mpaminanin'ny andro farany, sy lahateny manokana avy tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana sy zavatra niainana manokana ary fijoroana ho vavolombelona. Ny ankamaroan'ny lesona dia tokony hifantoka amin'ny fahaterahana sy ny fiainana ary ny fampianarana sy ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy. *Ny Fitsipiky ny filazantsara, Gospel Fundamentals, Ancrés dans la Foi, sy ny Jeunes soyez forts* ary ny gazetibokin'ny Fiangonana dia ahitana lahatsoratra sy fampahalalana hafa momba ny lohahevitra maro izay afaka ampidirina ao amin'ny leson'ny takarivan'ny mpianakavy.

Ireto manaraka ireto dia misy lohahevitra atolotra hiaraha-midinika ho an'ny takarivan'ny mpianakavy:

- Ny drafitry ny famonjena
- Ny fiainana sy ny fampianaran'i Jesoa
- Ny fibebahana
- Ny vavaka
- Ny fifadian-kanina
- Ny Tenin'ny Fahendrena
- Ny fitsipi-pitondrantenan'ny Tompo
- Ny dikan'ny Fanasan'ny Tompo
- Ny fahafolonkarena
- Ny fankasitrahana
- Ny fahamarinan-toetra
- Ny fanajana an'Andriamanitra sy ny zavatra nohariany
- Ny fiomanana amin'ny batisa na ny fanendrena ao amin'ny fisoronana na ny fanambadiana
- Ny fiomanana hankanesana any amin'ny tempoly

- Ny famakiana ny soratra masina
- Ny fanajana ny andro sabata ho masina
- Ny famelana ny hafa
- Ny fahazoana sy fizarana fijoroana ho vavolombelona
- Ny fizarana ny filazantsara amin'ny hafa
- Ny fanangonana tetiarana
- Ny fahatakarana sy ny fanekena ny fahafatesana
- Ny famahana ny olan'ny fianakaviana
- Ny fitantanana ny volan'ny fianakaviana
- Ny fitsinjarana ny asan'ny fianakaviana ao an-tokantrano
- Ny fankafizana sy ny fihainoana mozika

## Fialan-tsasatra sy Fotoan-dehibe manokana

Ny fialan-tsasatra sy ny fotoan-dehibe manokana toy ny, Krismasy, ny Paska, ny taona fitsingerenan'ny famerenana ny fisoronana; ny fihaonam-ben'ny Fiangonana; ny fandehanan'ny olona iray ao amin'ny fianakaviana hitory ny filazantsara na ny fahaterahana, ny fanaovana batisa na ny fanendrena ao amin'ny fisoronana ny olona iray ao amin'ny fianakaviana dia fotoana tena tsara hampianarana ny fahamarinan'ny filazantsara.

## Ny fahafolonkarena sy ny fanomezana avy amin'ny fifadian-kanina



Nandidy ny olony ny Tompo mba hanaja ny lalànan'ny fahafolonkarena ary mba ho mendrika ny fitahiana nampanantenaina (jereo Malakia 3:8–11).

Ny fotoana tena tsara ho an'ny ray aman-dreny mba hampianarany ny lalànan'ny fahafolonkarena sy ny fanomezana avy amin'ny fifadian-kanina dia rehefa mandoa ny azy izy. Voasarika amin'izay hitany ataon'ny ray aman-dreniny ny ankizy. Ny ankizy izay mandray vola fanampiana dia tokony handoa fahafolonkarena avy amin'izany. Afaka manana boatin-drakitra telo samy hafa ny ankizy tsirairay asiana vola: ny iray ho an'ny fahafolonkarena, ny iray ho an'ny asa fitoriana ary ny iray ho an'ny vola ampiasaina. Isaky ny mahazo vola ny ankizy dia tokony hianatra ny handrotsaka voalohany indrindra ny 10 isan-jato ao amin'ny boatin-drakitry ny fahafolonkarena avy eo dia atao ao

amin'ny boatin-drakitry ny asa fitoriana ny sasany amin'ny vola ary ny ambiny ao amin'ny boatin-drakitry ny vola ampiasaina.

Rehefa mandoa ny fahafolonkarena ny ankizy dia tokony mampianatra azy ireo hameno ny taratasy fandoavana fahafolonkarena ny ray amandreny, sy mampiditra izany miaraka amin'ny vola ao anaty valopy ary manome ilay valopy an'ny mpikambana iray ao amin'ny episkôpàny na ao amin'ny fiadidian'ny sampany. Ny fianakaviana mipetraka any amina toerana mitoka-monina dia tokony hanome ny fahafolonkarenany an'ny mpitondrany ao amin'ny fisoronana izay voatendry.

## Resadresaka mandritra ny fotoam-pisakafoanana

Fotoana tsara iresahana momba ny filazantsara ny fotoam-pisakafoanana. Tian'ny ankizy kely ny manontany sy mamaly ny fanontaniana momba ny filazantsara. Rehefa tsy mahafantatra ny valiny izy ireo dia afaka manome valiny tsotra ny ray na ny reny ary mampianatra ny filazantsara. Tsy voatery hisy resadresaka momba ny filazantsara isaky fotoam-pisakafoanana fa ny resadresaka toy izany in-droa na in-telo isankerinandro dia afaka manampy ny fianakaviana hianatra ny filazantsara.

## Tantara zaraina alohan'ny hatoriana

Satria tian'ny ankizy ny tantara zaraina alohan'ny hatoriana dia manome fahafahana tena tsara hampianarana ny filazantsara izany amin'ny alalan'ny fitantarana na famakiana tantara avy ao amin'ny soratra masina, na boky navoakan'ny Fiangonana na ny zavatra niainana manokana. Ny tantara momba ny fahamarinan-toetra sy ny fizarana ary ny hatsaram-panahy dia mampianatra fitsipiky ny filazantsara tena manan-danja.

## Miara-miasa



Maro ireo fahafahana mampianatra ny filazantsara miseho rehefa miaramiasa ao an-tokantrano ny fianakaviana. Rehefa manadio trano na miasa eo an-tokontany na eo an-jaridaina ohatra ny ray aman-dreny dia tokony hitady lalandava fotoana hiresahana ny filazantsara. Hanontany fanontaniana matetika ny ankizy. Tokony haka fotoana foana ny ray

aman-dreny mba hanomezana valiny tsotra. Ny fitenenana hoe “Miasa tsara ianao. Mahatoky aho fa faly aminao ny Ray any an-danitra ” na “Jereo ny rahona mahafinaritra namboarin’ny Ray any an-danitra” dia afaka mampisy ao amin’ny ankizy fahatsapana fankasitrahana an’ny Raintsika any an-danitra sy fahatokiana fa misy Izy.

## Filankevitry ny fianakaviana



Afaka miantso ny olona ao amin’ny fianakaviana ny ray aman-dreny hiaraka hanao filankevitry ny fianakaviana. Ny fianakaviana dia afaka mampiasa ireo filankevitra ireo mba hametrahana tanjona ho an’ny fianakaviana, hamahana ny olan’ny fianakaviana, hiresahana momba ny ara-bola, hanaovana drafitra, hifanohanana sy hifankaherezana, sy hijoroana ho vavolombelona ary hifampivavahana. Afaka atao ny filankevitra isaky ny ilaina izany. Mety tian’ny ray aman-dreny ny manao filankevitry ny fianakaviana isaky ny Alahady na ampifandraisana amin’ny takarivan’ny mpianakavy izany. Ny fanajana ny hevitra sy ny zavatra tsapan’ny hafa dia ilaina mba hahombiazan’ny filankevitry ny fianakaviana.

## Dinidinika manokana



Maro ny ray aman-dreny izay mahita fa ny fanaovana lalandava dinidinika manokana miaraka amin’ny zanaka tsirairay dia manampy azy ireo hanakaiky ny zanany sy mankahery azy ireo ary mampianatra azy ireo ny filazantsara. Ny dinidinika toy izany dia mety ho atao ara-pitsipika na tsotra fotsiny ary afaka atao matetika.

Tokony haneho fitiavana sy fahatokiana eo amin’ilay zanaka ny ray aman-dreny, ary ny zanaka dia tokony hanana fahafahana haneho ny fahatsapany momba ny lohahevitra iray na olana na zavatra niainana iray. Tokony hiaino tsara ny ray aman-dreny ary tokony handinika tsara ny olana sy ny tsiambaratelon’ilay zanaka. Mety

te-hiara hivavaka ilay zanaka sy ray aman-dreny. Ny olana izay miseho mandritra ny dinidinika, izay misy idiran'ny olona hafa ao amin'ny fianakaviana dia afaka resahana amin'ny takarivan'ny mpianakavy manaraka.

## Fiaraha-mientan'ny Fianakaviana

Tokony hanamboatra fotoana ny ray aman-dreny mba hanangonana ny fianakaviana iray manontolo. Ny fitsangatsanganana, ny filasiana, ny tetik'asan'ny fianakaviana, ny asa ao an-tokantrano sy any an-tokontany, ny filomanosana sy ny fihanihana tendrombohitra ary ny sarimihetsika mahasoa sy fialam-boly hafa dia vitsivitsy amin'ireo fiaraha-mientana maro izay afaka ataon'ny fianakaviana.

Ny fianakaviana izay tia manao fiaraha-mientana miaraka dia hahatsapa fitiavana sy filaminana bebe kokoa. Ho te-hihaino bebe kokoa ny ray aman-dreniny ny zanaka ary hanaraka ny toroheviny rehefa mahatsapa fa akaiky azy ireo. Afaka hampianatra amim-pahombiazana bebe kokoa ny filazantsara ny ray aman-dreny.



# Fanatanterahana ny andraikitry ny fianakaviana



Ny asa nanirahana ny Fiangonan'ny Tompo dia ny hanampy ny olona rehetra hanatona an'i Kristy. Afaka manampy amin'ny fanatanterahana izany asa nanirahana izany ny fianakaviana rehefa:

1. Manome ireo zavatra ilaina ara-panahy sy ara-batana ho an'ny tenany manokana ary manampy amin'ny fanomezana ny zavatra ilain'ny hafa.
2. Mizara ny filazantsara amin'ny hafa.
3. Manao izay ahazoan'ny olona ao amin'ny fianakaviana ny ôrdônansin'ny tempoly ary manampy amin'ny fanomezana ireo fahasoavana ireo ho an'ny razambeny efa nodimandry.

## Zavatra ilaina ara-panahy sy ara-batana

### Zavatra ilaina ara-panahy

Ny fizarana "Mampianatra ny filazantsara ao an-tokantrano" izay any aloha ao amin'ity boky torolalana ity dia ahitana fampahalalana momba ny fomba ahafahan'ny fianakaviana mahazo ny zavatra ilainy ara-panahy.

### Zavatra ilaina ara-batana

Ny fianakaviana dia natao mba hahaleo tena mba hahafahany manome ny zavatra ilainy ara-batana sy manampy ny hafa. Mba hahafahana ho mahaleo tena, dia tsy maintsy manam-pahazotoana ny hiasa ny olona ao amin'ny fianakaviana. Ny asa dia fampiasana

ny vatana sy saina ary ny fanahy. Loharanon'ny fahatontosana, fifaliana sy fankasitrahana ny tena ary fahombiazana izany. Tokony hiezaka ny hahaleo tena ny ray aman-dreny ary tokony hampianatra ny zanany an'izany koa. Rehefa mahaleo tena izy ireo dia afaka manampy ireo izay mila fanampiana.

Tompon'andraikitra amin'ny fanomezana ireo zavatra ilaina eo amin'ny fiainana sy ny fiarovana ny fianakaviany ny ray. Tompon'andraikitra voalohany amin'ny fitaizana ny zanany ny reny. Ny Ray aman-dreny dia manao izay hananan'ny fianakaviana trano madio, sakafo mahasalama, fitafiana, fitsaboana sy fikarakarana ny nify, fahafahana mianatra, torolalana amin'ny fomba fitantanana ny fidirambola ary raha azo atao dia manome fanofanana momba ny fambolena ny sasany amin'ny sakafon'izy ireo. Ny ray aman-dreny dia tokony hampianatra ny zanany ny fomba fandrahoana ny sakafony sy ny fomba fitahirizana izany mba hampihariny any aoriana.

Tokony manam-pahazotoana ny hiasa mafy ny ray aman-dreny mba hanomezana ireo zavatra ilaina ara-batana ireo. "Ary tsy hamela ny zanakareo ho noana na hitanjaka ianareo" (Môsià 4:14). Ny ray aman-dreny dia tokony hanao drafitra sy hanomana ny fanomezany ny zavatra ilain'ny fianakaviana rehefa misy aretina na voina na tsy fananana asa na zava-tsarotra hafa. Raha toa ka sahirana amin'ny fanomezana ireo zavatra ilain'ny fianakaviany ara-batana ny ray sy raha tsy afaka manampy ny olona ao amin'ny fianakaviana dia afaka mangataka fanampiana amin'ny alalan'ny mpitondra ao amin'ny fisoronana izy.

Ny zanaka dia afaka manampy manome ny zavatra ilain'ny fianakaviana ara-batana amin'ny alalan'ny fanampiana ny ray aman-dreniny amin'ny asany, sy ny fianarana tsara any an-tsekoly, ny fikolokoloana ny akanjony sy ny fananany, fitandremana ny tenany sy ny tranony mba hadio ary ny fitandroana ny fahasalamana.

Ny olona ao amin'ny fianakaviana dia tokony hanatsara ny fahaizany mamaky teny sy manoratra ary manao kajy fototra ary tokony hanararaotra ny fahafahana rehetra hahazoana fahalalana sy hanatsarana ny fahaiza-manao. Tokony hanaja ny Tenin'ny Fahendrena izy ireo ary hihinana sakafo mahasalama. Rehefa misy ny fahafahana dia tokony hitahiry kojakoja fototra ilaina izay maharitra herintaona na arak'izay vita mba hivelomana ny fianakaviana. Ny olona ao amin'ny fianakaviana dia tokony hiala amin'ny trosatrosa amin'ny tsy misy antony, hitahiry vola ho an'ny hoavy, hahatontosa ny adidiny rehetra ary hampiasa ny fidiram-bolany amim-pahendrena ary hisoroka ny fandanindaniam-poana.

Tokony hampianatra ny zanany hizara amin'ny hafa ny ray aman-dreny. Ny olona rehetra dia saika afaka manome zavatra na dia kely aza no ananany. Ny fomba iray hanampiana ireo sahi-

rana dia amin'ny alalan'ny fifadian-kanina isam-bolana sy ny fandraisana anjara amin'ny fanomezana avy amin'ny fifadian-kanina izay ampiasaina hamahanana ny noana sy hampialofana ny tsy manan-kialofana, sy hanafiana ny tsy mitafy ary hampaherezana ireo malahelo. Maneho ny fitiavantsika ny Tompo isika rehefa manampy ny hafa. Hoy izy, "Araka izay efa nataonareo tamin'ny anankiray amin'ireto rahalahiko kely indrindra ireto no nataonareo tamiko" (Matio 25:40).

## Fizarana ny filazantsara



Amin'ny alalan'ny mpaminaniny amin'ny andro farany, ny Tompo dia mampianatra fa ny mpikamban'ny Fiangonana rehetra dia manana andraikitra hizara ny filazantsara. "Ary ilaina ny olona nampitandremana mba hampitandrina ny namany." (F&F 88:81). I Alma, izay mpaminany ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia nanazava fa rehefa vita batisa isika dia tokony haniry ny "hijoro ho vavolombelon'Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny zava-drehetra ary amin'ny toerana rehetra" (Môsià 18:9).

Tokony hanao izay vitany ny olona ao amin'ny fianakaviana mba hanampiana ny havany sy ny namany ary ny mpifanolobodirindrina aminy hianatra ny filazantsaran'i Jesoa Kristy sy ny fitahiana azo avy amin'izany eo amin'ny fiainany. Amin'ny alalan'ny fizarana ny filazantsara dia afaka manamafy ny fijoroany ho vavolombelona manokana ny ray aman-dreny sy ny zanaka ary mitondra ny fitahian'ny filazantsara amin'ny hafa. Ny fianakaviana dia afaka:

- Ho ohatra tsara amin'ny alalan'ny fankatoavana ny didy (jereo Matio 5:16).
- Feno fankasitrahana noho ny maha-mpikambana azy ao amin'ny Fiangonana (jereo Romana 1:16) ary mampahafantatra ny olon-kafa fa mpikambana izy ireo.
- Manontany ny olom-pantatra raha te-hahalala bebe kokoa momba ny Fiangonana izy ireo.
- Mangataka ny Tompo mba hanampy azy hifidy fianakaviana na olona iray izay vonona hihaino ny filazantsara.
- Manasa ilay fianakaviana na ilay olona ho any am-piangonana amin'ny fomba samihafa, toy ny fanasana azy any amina takarivan'ny mpianakavy na fivoriam-piangonana na fiaraha-mientana, na fanomezana azy bokin'ny

Fiangonana na boky kely ho vakiana na ny firesahana amin'izy ireo ny momba ny fitahian'ny filazantsara.

- Manasa ilay fianakaviana na ilay olona any an-tranony mba hampianarin'ny misiônera.

Ny ray aman-dreny dia manana andraikitra hanomana ny tenany sy ny zanany mba hanao asa fitoriana amin'ny fotoana maharitra. Mba hanomanana ny zanaka indrindra indrindra ny zanakalahy dia tokony hampianatra ny filazantsara ao an-tokantrano ny ray aman-dreny, sy hanao ny fandalinan'ny tena manokana sy ny fianakaviana ny soratra masina ary hanao vavaky ny tsirairay sy vavaky ny mpianakavy ary hiresaka matetika momba ny andraikitra sy ny fitahiana avy amin'ny fizarana ny filazantsara. Afaka mampianatra ny zanany mba hanangom-bola izy ho an'ny asa fitoriana, sy hiasa mafy, ary hahaleo-tena sy ho tia ary hanompo ny olon-kafa.

## Ny ôrdônansin'ny Tempoly ho an'ny velona sy ny maty

Any amin'ny tempoly, ny mpikamban'ny Fiangonana dia mandray ireo ôrdônansy masina ary manao fanekempihavanana amin'Andriamanitra. Izy ireo koa dia mandray anjara amin'ny fanaovana ôrdônansy ho an'ireo razam-beny efa nodimandry. Rehefa misy ny fahafahana dia tokony haka fahazoan-dalana hidirana ny tempoly avy amin'ny mpitondrany ao amin'ny fisoronana ny ray sy ny reny ary handeha any amin'ny tempoly mba handray ireo ôrdônansin'ny tempoly ho an'ny tenan'izy ireo. Raha tsy afaka mankany amin'ny tempoly izy ireo dia tokony hiaina amim-pahamendrehana noho ny fananana ny fahazoan-dalana hidirana ny tempoly.



Ny fianakaviana dia manana andraikitra masina amin'ny fanaovana izay hahatanterahan'ny ôrdônansin'ny tempoly ho an'ny razam-beny izay maty ka tsy nandray azy ireo. Ny mpikamban'ny fiangonana izay nandray ny ôrdônansy masina ho an'ny tenany dia tokony hiverina any amin'ny tempoly matetika rehefa misy ny fotoana sy ny enti-manana ary ny tempoly mba hanatanterahana ôrdônansy ho an'ny razam-beny.

Ny ray sy ny reny dia tokony hanangona rakitsoratra momba ny zavadehibe nitranga teo amin'ny fiainany sy ny fiainan'ny zanany toy ny

taratasy fanamarinana ny tsodrano, ny batisa, ny fanendrena amin'ny fisoronana, ny fanambadiana, ny fahafatesana, sy ireo taratasy manan-danja, ny sary, lahatsoratra netezana avy tamin'ny gazety ary zavatra hafa mitovy amin'izany. Tokony hanambatra ny tantaran'ny tenany manokana izy ireo ary hankahery ny olona tsirairay ao amin'ny fianakaviana mba hirakitra ny tantaran'ny tenany manokana. Tokony hanampy ny ankizy mba hanomboka hanoratra ny tantaran'ny tenany manokana izy ireo.

Ny fianakaviana dia tokony hanangona ny mombamomba ny razambeny ary hanambatra izany ao anatin'ny tantaran'ny fianakaviana. Tokony hanomboka hanangona ny mombamomban'ireo taranaka efatra teo alohan'izy ireo izy.

# Fanofanana omen'ny mpitarika



Eo ambanin'ny fitantanan'ny mpitarika ao amin'ny tsatòka na misiôna na ny distrika, ny mpitarika ao amin'ny fisoronana sy ny vondrona mpikambana dia tokony mampianatra ny ray aman-dreny hahatakatra sy hanatanteraka ny andraikitra telo fototra ataon'ny fianakaviana (jereo ny pejy 15–19). Tokony hampianatra ny ray sy ny reny ny mpitarika amin'ny fomba hitondrana ny fianakaviany. Raha toa ka mipetraka any amin'ny toerana mitoka-monina ny fianakaviana iray dia tokony manao izay hahalalan'ny ray aman-dreny sy hanatanterahany ny andraikiny, ny mpitondra ao amin'ny tsatòka na misiôna na distrika.

# Fanaovana fotoam-pivavahana ao an-tokantrano
## (Ho an'ny fianakaviana any amina toerana mitoka-monina)



Misy fianakaviana sasany izay mipetraka any amina toerana mitokamonina ary tsy afaka manatrika ara-dalàna ny fivorian'ny paroasy na ny sampana. *Amin'ny alalan'ny fahazoan-dalana avy amin'ny filohan'ny tsatòka na misiôna na distrika,* dia tokony hanao ny fotoam-pivavahana isaky ny Alahady ao an-tokantranony izany fianakaviana izany. Any amin'ny toerana izay tsy mbola manana vondron'ny Fiangonana mitsangana dia mila mahazo fahazoan-dalana avy amin'ny Filohan'ny vondrom-paritra ny fianakaviana.

Ny ray na mpihazona ny fisoronana iray hafa dia afaka mikarakara sy manamasina ny fanasan'ny Tompo raha toa izy ka mendrika sy mpisorona ao amin'ny Fisoronana Aharôna na mihazona ny Fisoronana Melkizedeka, *ary nahazo fahazoan-dalana avy amin'ny mpitondrany ao amin'ny fisoronana.* Afaka mizara ny fanasan'ny Tompo izay mpihazona ny fisoronana. Ny torolalana amin'ny fikarakarana ny fanasan'ny Tompo dia hita ao amin'ny pejy 26–27 ao amin'ity boky torolalana ity.

Ny fotoam-pivavahana atao ny Alahady dia tokony ho tsotra sy feno fanajana sy fahamendrehana. Izany dia ahitana:

1. Hira fanokafana
2. Vavaka fanokafana
3. Fanamasinana sy fizarana ny fanasan'ny Tompo
4. Fanaovana zavatra iray na maro amin'ireto manaraka ireto:

- Lahateny na fijoroana ho vavolombelona fohy iray na roa
- Famakiana soratra masina arahina fifanakalozan-kevitra amin'ny maha-fianakaviana
- Lesona ataon'ny olona iray ao amin'ny fianakaviana

5. Hira famaranana
6. Vavaka famaranana

Tokony hitady sy hanaraka ny fitarihan'ny Fanahin'ny Tompo ny ray aman-dreny rehefa manomana ny fotoam-pivavahana atao ny Alahady. Nampiseho ohatra momba izany karazam-potoana izany ny olona tao amin'ny Bokin'i Môrmôna: "Ary ny fivoriany dia notarihina . . . araka ny fomba fiasan'ny Fanahy sy tamin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina; fa arakaraka ny nitarihan'ny herin'ny Fanahy Masina azy ireo, na hitory, na hamporisika, na hivavaka, na hitalaho, na hihira, dia arakaraka izay no natao" (Môrônia 6:9).

Tokony hampiasa ny soratra masina ny fianakaviana mba ho torolalana fototra ho azy. Ankoatra izany dia afaka mampiasa ny lahateny mandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana izy sy ny *Gospel Fundamentals, ny Fitsipiky ny Filazantsara, ny Ancrés dans la Foi, ny Jeunes soyez forts,* ny boky kelin'ny misiônera sy ny gazetibokin'ny Fiangonana ary ny boky hafa avoakan'ny Fiangonana sy ny fandaharana ao amin'ny haino aman-jery.

Raha toa ka tsy misy olona mihazona ilay fisoronana izay ilaina ao amin'ny fianakaviana dia afaka mamory miaraka ny olona ao amin'ny fianakaviana ny ray na ny reny mba hihira hira ao anaty fihirana, handalina ny soratra masina sy hivavaka ary hiarahifanakaiky bebe kokoa sy hanakaiky ny Ray any an-danitra. Ny mpitondra ao amin'ny fisoronana voatendry ho an'ilay fianakaviana no mandamina ny fotoana ahafahan'ny fianakaviana mandray ny fanasan'ny Tompo.

Ny fianakaviana dia tokony hanao fiaraha-mientana isan-kerinandro, toy ny fihanihana tendrombohitra, fitsangatsanganana, fijerena sarimihetsika mahasoa, famangiana havana, fanaovana fanatanjahan-tena, ny fandaharana ara-mozika, sy ny filomanosana.

Ny fianakaviana dia tokony hanome an'ilay mpitondra ao amin'ny fisoronana izay voatendry, ny fahafolonkarena, sy ny fanomezana avy amin'ny fifadian-kanina ary ny fandraisana anjara hafa.

Tsy manao tatitra voasoratra ho an'ny Fiangonana ny fianakaviana, fa ilay mpitondra ao amin'ny fisoronana voatendry no manao dinidinika tsy tapaka amin'ilay ray ka manontany azy hanao tatitra momba ny fianakaviana. Raha ilaina dia afaka manao izany dinidinika izany amin'ny alalan'ny antso an-tariby ny mpitondra.

# Ôrdônansy sy tsodranon'ny fisoronana



Ny ôrdônansin'ny fisoronana dia asa masina nomen'ny Tompo ary tanterahina amin'ny alalan'ny fahefan'ny fisoronana. Ny tsodranon'ny fisoronana dia omena amin'ny alalan'ny fahefan'ny fisoronana mba hanasitranana, hankaherezana sy hanentanana. Ny rahalahy izay manatanteraka ôrdônansy sy manome tsodrano dia tokony hiomana amin'ny alalan'ny fiainana ny filazantsara sy ny fiezahana mba hotarihan'ny Fanahy Masina. Tokony hanatanteraka ny ôrdônansy sy ny tsodrano tsirairay avy amin'ny fomba mendrika izy ary manaraka ireto zavatra takiana manaraka ireto; ny ôrdônansy dia tokony:

1. Tanterahina amin'ny anaran'i Jesoa Kristy.
2. Tanterahina amin'ny alalan'ny fahefan'ny fisoronana.
3. Tanterahina miaraka amin'ny dingana arahina ilaina, toy ny fampiasana anarana manokana, na fampiasana menaka voatokana.
4. Nahazoana lalana tamin'ny alalan'ilay mpitondra ao amin'ny fisoronana voatendry izay mihazona ny fanalahidy mifanaraka amin'izany raha ilaina.

*Ireo ôrdônansy izay mitaky ny fahazoan-dalana avy amin'ny mpitondra ao amin'ny fisoronana dia ny fanomezana anarana sy tsodrano ny zazakely, ny fanaovana batisa sy ny fandraisana ho mpikambana, ny fanomezana ny fisoronana sy ny fanendrena ho amin'ny*

*fisoronana, ny fanamasinana sy ny fizarana ny fanasan'ny Tompo ary ny fanokanana fasana.*

Rehefa mandray anjara amin'ny ôrdônansy na tsodrano iray ny rahalahy maromaro dia mametraka moramora ny tanany havia eo amin'ny sorok'ilay rahalahy eo ankaviany ny tsirairay amin'izy ireo. Ny fanasana mpihazona ny fisoronana marobe mba hanampy dia tsy tokony hatao loatra.

Ny ôrdônansy sy ny tsodrano nazavaina tao amin'ity fizarana ity dia hanampy ny ray mba hanompo toy ny patriarka ao amin'ny fianakaviany.

## Fanomezana anarana sy fitsofandrano ny zazakely



"Ny mpikambana tsirairay amin' ny fiangonan' i Kristy izay manan-janaka dia tokony hitondra azy eo anoloan' ny fiangonana, amin' ireo loholona izay hametra-tanana aminy amin' ny anaran' i Jesoa Kristy ka hitso-drano azy amin' ny anarany" (F&F 20:70). Arak'io fanambarana io dia ny lehilahy mendrika izay mihazona ny Fisoronana Melkizedeka ihany no afaka mandray anjara amin'ny fanomezana anarana sy ny fitsofandrano ny zazakely. *Mitaky ny fahazoan-dalana avy amin'ny fahefana mpiahy ny ôrdônansin'ny fanomezana anarana sy ny fitsofandrano ny zazakely.*

Rehefa manome anarana zazakely iray, dia manao boribory ireo lehilahy izay mihazona ny Fisoronana Melkizedeka ary mitazona ny zazakely amin'ny tanany. Raha manome tsodrano zaza efa lehibebe dia apetrak'ireo rahalahy moramora eo ambonin'ny lohan'ilay zaza ny tanany. Ilay manome ny tsodrano dia:

1. Miantso ny Ray any an-danitra.
2. Milaza fa ny tsodrano dia nomena amin'ny alalan'ny fahefan'ny Fisoronana Melkizedeka.
3. Manome anarana an'ilay zaza.
4. Manome tsodranon'ny fisoronana araka ny fitarihan'ny Fanahy.
5. Mamarana amin'ny anaran'i Jesoa Kristy.

## Batisa

*Eo ambany fitantanan'ny fahefana mpiahy* dia afaka manao batisa ny mpisorona na lehilahy mendrika iray izay mihazona ny Fisoronana Melkizedeka. Rehefa manao izany izy dia:

1. Mijoro ao anaty rano miaraka amin'ilay olona hatao batisa.
2. Mba hahamety izany sy hitandremana, dia tazoniny ny hatotanana havian'ilay olona amin'ny alalan'ny

tanany havanana; ary ilay olona atao batisa dia mihazona ny hatotanana havian'ilay olona manao batisa amin'ny alalan'ny tanany havia.



3. Manangana ny tanany havanana ho toy ny zoro mahitsy.
4. Milaza ny anaran'ilay olona feno sy miteny hoe, "Rehefa nomen' i Jesoa Kristy fahefana aho, izaho dia manao batisa anao amin' ny anaran' ny Ray sy ny an' ny Zanaka ary ny an' ny Fanahy Masina. Amena." (F&F 20:73).
5. Mangataka an'ilay olona hanampina ny orony amin'ny alalan'ny tanany havanana mba hahamety izany; ilay olona izay manao ny batisa dia mametraka ny tanany havanana any amin'ny faritra ambonin'ny lamosin'ilay olona ary manitrika tanteraka ilay olona, miaraka amin'ny fitafian'ilay olona.
6. Manampy ilay olona hivoaka avy ao anaty rano.

Mpisorona roa na lehilahy roa mpihazona ny Fisoronana Melkizedeka no vavolombelona manatrika isaky ny batisa mba hahazoana antoka fa tanteraka araka ny tokony ho izy izany. Tsy maintsy averina ny batisa raha toa ka tsy voalaza mazava tsara ny teny izay hita ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:73 na raha toa ka tsy tafasitrika tanteraka ny vatan'ilay olona na ny akanjony. Ny olona atao batisa sy ny olona manatanteraka ny ôrdônansy dia manao akanjo fotsy izay tsy mitaratra rehefa lena.

## Fandraisana ho mpikambana



Ny olona niova fo izay sivy taona no ho miakatra ary izay valo taona ka samy tsy mpikambana ny ray amandreniny dia raisina ho mpikambana mandritra ny fivoriana fanasan'ny Tompo (jereo F&F 20:41). Ny ankizy valo taona dia afaka tonga dia raisina ho mpikambana aorian'ny batisa ao amin'ny toerana nanaovana ny

batisa raha mpikamban'ny Fiangonana farafaharatsiny ny iray amin'ny ray aman-dreniny ary samy manome lalana hanaovana ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana ny ray aman-dreny. Lehilahy iray na mihoatra izay mihazona ny Fisoronana Melkizedeka no afaka manatanteraka io ôrdônansy io, *eo ambanin'ny fitantanan'ny eveka na ny filohan'ny sampana*. Mametraka moramora ny tanany eo amin'ny lohan'ilay olona izy ireo. Ilay olona iray manatanteraka ny ôrdônansy dia:

1. Milaza ny anaran'ilay olona feno.
2. Milaza fa ny ôrdônansy dia tanterahana amin'ny alalan'ny fahefan'ny Fisoronana Melkizedeka.
3. Mandray ilay olona ho mpikamban'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany.
4. Manatanteraka ny fanomezana ny Fanahy Masina miaraka amin'ny filazana hoe, "Raiso ny Fanahy Masina."
5. Manome ny tsodranon'ny fisoronana araka ny fitarihan'ny Fanahy.
6. Mamarana amin'ny anaran'i Jesoa Kristy.

## Fanomezana ny fisoronana sy fanendrena amin'ny andraikitra ao amin'ny Fisoronana

*Ny eveka na ny filohan'ny sampana dia manara-maso ny fanomezana ny Fisoronana Aharôna sy ny fanendrena amin'ny andraikitry ny diakôna, sy ny mpampianatra ary ny mpisorona.* Alohan'ny hanendrena olona iray amina andraikitra iray ao amin'ny Fisoronana Aharôna dia tsy maintsy manao dinidinika amin'ny eveka na ny filohan'ny sampana izy ary hita fa mendrika. Ary koa tsy maintsy tohanana ao amin'ny fivoriana fanasan'ny Tompo izy. Amin'ny alalan'ny fahazoan-dalana avy amin'ny eveka na filohan'ny sampana dia afaka manome ny Fisoronana Aharôna ho an'ny olon-kafa ny mpisorona iray ary manendry azy amin'ny andraikitra iray ao amin'ny Fisoronana Aharôna.



*Ny filohan'ny tsatòka na misiôna dia manara-maso ny fanomezana ny Fisoronana Melkizedeka sy ny fanendrena amin'ny andraikitry loholona sy ny mpisorona avo.*

Rehefa manome ny fisoronana na manendry olona iray amin'ny andraikitry ny fisoronana, dia misy lehilahy iray na mihoatra izay manana ny fisoronana takiana ary nahazo fahefana tamin'ny alalan'ny fahefana mpiahy, mametraka moramora ny tanany eo ambonin'ny lohan'ilay

olona. Ilay olona manatanteraka ny ôrdônansy dia:

1. Miantso ilay olona amin'ny anarany feno.
2. Milaza ny fahefana (Fisoronana Aharôna na Melkizedeka) izay hanatanterahana ny fanendrena.
3. Manome ny Fisoronana Aharôna na Melkizedeka raha tsy hoe efa nomena tany aloha izany.
4. Manendry ilay olona amin'ny andraikitra iray ao amin'ny Fisoronana Aharôna na Melkizedeka ary manome ny zo sy ny hery ary ny fahefan'izany andraikitra izany.
5. Manome ny tsodranon'ny fisoronana araka ny fitarihan'ny Fanahy.
6. Mamarana amin'ny anaran'i Jesoa Kristy.

## Ny Fanasan'ny Tompo



Ôrdônansy tena masina ny fanasan'ny Tompo. Ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo dia manome fahafahana hahatsiarovana ny fiainana sy ny fampianarana ary ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Fotoana hanavaozana ny fanekempihavanana natao tamin'ny Tompo tamin'ny fotoanan'ny batisa izany (jereo Môsià 18:8–10).

Afaka mikarakara ny fanasan'ny Tompo ny mpampianatra sy ny mpisorona; afaka manamasina izany ny mpisorona, ary ny diakôna sy ny mpampianatra ary ny mpisorona dia afaka mizara izany. Ny rahalahy izay mihazona ny Fisoronana Melkizedeka dia afaka mikarakara, manamasina, sy mizara ny fanasan'ny Tompo fa raha ny tena izy dia tsy tokony hanao izany raha tsy vitsy ny rahalahy ao amin'ny Fisoronana Melkizedeka. Raha nanao fahotana lehibe ny olona iray, dia tsy tokony hikarakara, na manamasina na mizara ny fanasan'ny Tompo izy mandrapibebany sy mandrapamahany ilay olana miaraka amin'ny eveka na ny filohan'ny sampana.

Ireo izay mikarakara na manamasina na mizara ny fanasan'ny Tompo dia manatanteraka ny ôrdônansy ho an'ny hafa amin'ny alalan'ny Tompo. Ny olona tsirairay izay manana ny fisoronana dia tokony hanatanteraka ity asa ity miaraka amin'ny fitondrantena masina sy feno fanajana. Tokony hahava-tena sy hadio ary hanao fitafy maotina izy. Ny endrika manokan'ny tena ety ivelany dia tokony hitaratra ny fahamasinan'ilay ôrdônansy.

Tokony hanao izany ny rahalahy izay manomana ny fanasan'ny Tompo alohan'ny hiantombohan'ny fivoriana. Mametraka mofo tsy voatetika eo ambonin'ny lovia madio fanasiana

mofo izy ireo ary mametraka eo ambonin'ny latabatry ny Fanasan'ny Tompo lovia fanasiana ny kaopin'ny fanasan'ny Tompo izay misy rano madio. Saronany lamba fotsy madio ny mofo sy rano.

Ireo izay eo amin'ny latabatry ny fanasan'ny Tompo dia manala ny lamba avy eo amin'ny lovia fanasiana mofo ary manapatapaka madinika ny mofo, mandritra ny hiran'ny fanasan'ny Tompo. Aorian'ny hira, ilay olona izay manamasina ny mofo dia manao ny vavaky ny fanasan'ny Tompo ho an'ny mofo. Avy eo ny rahalahy no mizara ny mofo amimpanajana sy amin'ny fomba milamina. Ny fahefana mpiahy ao amin'ny fivoriana no mandray ny fanasan'ny Tompo voalohany. Rehefa samy nanana fahafahana nandray ny mofo ny olona rehetra manatrika dia mamerina ny lovia fanasiana mofo eny amin'ny latabatry ny fanasan'ny Tompo ireo izay nizara izany. Ireo izay manamasina ny fanasan'ny Tompo dia manarona lamba indray ny lovia raha vao voazara ny mofo.

Manala ny lamba eo amin'ny lovia fanasiana rano ireo izay eo amin'ny latabatry ny fanasan'ny Tompo. Ilay olona manamasina ny rano dia mandohalika sy manao ny vavaky ny fanasan'ny Tompo ho an'ny rano. Avy eo dia mizara ny rano amin'ireo izay manatrika ny rahalahy. Averina eny amin'ny latabatry ny fanasan'ny Tompo ny lovia ary saronana indray. Avy eo dia mandeha mipetraka eny anivon'ny mpiangona ny rahalahy izay nanamasina sy nizara ny fanasan'ny Tompo.

Ny fanasan'ny Tompo dia natao ho an'ny mpikamban'ny Fiangonana ary ao anatin'izany ny ankizy. Ny olona izay mitarika ny fotoana dia tsy tokony hanambara fa izany dia zaraina ho an'ny mpikambana ihany. Tsy tokony hisy zavatra atao mba hampahafantarana ny olona tsy mpikambana mba tsy handray izany.

Ny vavaky ny fanasan'ny Tompo dia tenenina mazava tsara ary atao amimpahamendrehana. Raha toa ilay olona manamasina ny fanasan'ny Tompo ka manao diso amin'ny zavatra teneniny ary tsy manitsy ny tenany dia mangataka azy mba hamerina ny vavaka sy hanao izany mazava tsara ny eveka na ny filohan'ny sampana.

Toy izao ny vavaka ho an'ny mofo:

"Andriamanitra Ray Mandrakizay ô, mangataka Anao izahay, amin' ny anaran' ny Zanakao Jesoa Kristy hitahy sy hanamasina ity mofo ity ho an' ny fanahin' ireo rehetra izay mandray amin' izany, mba hahazoany mihinana ho fahatsiarovana ny vatan' ny Zanakao sy hijoroany ho vavolombelona Aminao, Andriamanitra Ray Mandrakizay ô, fa vonona izy ireo ny hitondra ny anaran' ny Zanakao, ny hahatsiaro Azy mandrakariva ary ny hitandrina ny didiny izay efa nomeny azy ireo; mba hananany mandrakariva ny Fanahiny miaraka aminy. Amena." (F&F 20:77 sy Môrônia 4).

Toy izao ny vavaka ho an'ny rano:

"Andriamanitra Ray Mandrakizay ô, mangataka Anao izahay amin' ny anaran' ny Zanakao Jesoa Kristy, hitahy sy hanamasina ity [rano] ity ho an' ny fanahin' ireo rehetra izay misotro amin' izany, mba hahazoany manao izany ho fahatsiarovana ny ran' ny Zanakao izay nalatsaka ho azy ireo; mba hijoroany ho vavolombelona Aminao Andriamanitra Ray Mandrakizay ô, fa hotsaroany mandrakariva Izy, mba hananany ny Fanahiny miaraka aminy. Amena." (F&F 20:79 sy Môrônia 5).

Tokony hesorina eo amin'ny latabatra ny fanasan'ny Tompo raha vantany vao vita ny fivoriana. Afaka atao sakafo ny ambin'ny mofo.

*Ny fanamasinana sy ny fizarana ny fanasan'ny Tompo dia mitaky fahazoandalana avy amin'ny fahefana mpiahy.*

## Fanokanana menaka

Lehilahy iray (na mihoatra) izay mihazona ny Fisoronana Melkizedeka no manokana menaka oliva tsy mifangaro ho an'ilay tanjony masina mba hanosorana ny marary sy ny malahelo. Ilay olona manokana ny menaka dia:

1. Mitazona ilay tavoahangy misokatra misy menaka oliva.
2. Miantso ny Ray any an-danitra.
3. Milaza fa manao izany amin'ny alalan'ny fahefan'ny Fisoronana Melkizedeka izy.
4. Manokana ny menaka (fa tsy ny tavoahangy) ary manokana izany mba hanosorana ny marary sy ny malahelo.
5. Mamarana amin'ny anaran'i Jesoa Kristy.



## Mametra-tanana ny marary

Ny lehilahy izay mihazona ny Fisoronana Melkizedeka ihany no hany afaka mametra-tanana ny marary na ny malahelo. Araka ny mahazatra dia olona roa na mihoatra no miaramametra-tanana saingy afaka manao izany irery koa ny olona iray. Raha tsy misy menaka voatokana dia afaka manome tsodrano amin'ny alalan'ny fahefan'ny fisoronana ilay lehilahy mihazona ny Fisoronana Melkizedeka.

Ny ray izay mihazona ny Fisoronana Melkizedeka no tokony hametratanana amin'ny olona marary ao amin'ny fianakaviany. Afaka miantso lehilahy iray izay mihazona ny Fisoronana Melkizedeka mba hanampy azy izy.

Mizara roa ny fametrahan-tanana ny marary: (1) fanosorana menaka (2) famehezana ny fanosorana.

**Fanosorana menaka**

Lehilahy iray izay manana ny Fisoronana Melkizedeka no manosotra menaka ny olona iray izay marary. Rehefa manao izany izy dia:

1. Mandraraka ilay menaka voatokana indray mitete eo ambonin'ny lohan'ilay olona.
2. Mametraka moramora ny tanany eo ambonin'ny lohan'ilay olona ary miantso ilay olona amin'ny anarany feno.
3. Milaza fa manosotra menaka an'ilay olona izy amin'ny alalan'ny fahefan'ny Fisoronana Melkizedeka.
4. Milaza fa izy dia manosotra menaka izay natokana ho an'ny fanosorana sy fitsofandrano ny marary sy ny malahelo.
5. Mamarana amin'ny anaran'i Jesoa Kristy.

**Famehezana ny fanosorana**

Araka ny mahazatra dia lehilahy iray na mihoatra izay mihazona ny Fisoronana Melkizedeka no mametraka moramora ny tanany eo ambonin'ny lohan'ilay olona izay marary. Ny iray amin'ireo lehilahy no mamehy ny fanosorana. Rehefa manao izany izy dia:

1. Miantso ilay olona amin'ny anarany feno.
2. Milaza fa izy dia mamehy ny fanosorana amin'ny alalan'ny fahefan'ny Fisoronana.
3. Manome tsodrano araka ny fitarihan'ny Fanahy.
4. Mamarana amin'ny anaran'i Jesoa Kristy.

## Ny tsodranon'ny ray sy tsodrano hafa ho fankaherezana sy fanoroan-kevitra



Ny tsodranon'ny ray sy tsodrano hafan'ny fisoronana dia atao mba hanomezana fitantanana sy fankaherezana araka ny fitarihan'ny Fanahy.

Ny ray izay mihazona ny Fisoronana Melkizedeka dia afaka manome tsodrano ny zanany. Izany tsodrano izany dia tena manampy tokoa raha toa ny zanaka ka handao ny tokantrano mba hianatra na hitory ny filazantsara, na hanomboka hiasa na hanambady na hanao miaramila na hiatrika fanamby manokana tena hafa kely. Afaka ho hery lehibe ho an'ny fianakaviana iray ireo tsodrano ireo. Afaka raketin'ny fianakaviana ny tsodranon'ny ray ho an'ny firaketan'ny fianakaviana fa tsy voarakitra ao

anatin'ny firaketan'ny Fiangonana izany. Tokony hanentana ny zanaka ny ray aman-dreny mba hangataka tsodranon'ny ray rehefa mila izany.

Ny lehilahy mendrika izay mihazona ny Fisoronana Melkizedeka dia afaka koa manome tsodrano fankaherezana sy fanoroan-kevitra ho an'ny vadiny sy ny havany ary olon-kafa izay mangataka izany.

Rehefa manome tsodranon'ny ray na tsodrano hafa ho fankaherezana sy fanoroan-kevitra, ny lehilahy izay mihazona ny Fisoronana Melkizedeka na izy irery na miaraka amin'olona iray na mihoatra izay mihazona ny Fisoronana Melkizedeka dia mametraka moramora ny tanany eo ambonin'ny lohan'ilay olona mandray ny tsodrano. Tsy ilaina ny menaka ho an'izany karazana tsodrano izany. Ilay manome ny tsodrano dia:

1. Miantso ilay olona amin'ny anarany feno.
2. Milaza fa izy dia manome ny tsodrano amin'ny alalan'ny Fisoronana Melkizedeka.
3. Manome tsodrano araka ny fitarihan'ny Fanahy.
4. Mamarana amin'ny anaran'i Jesoa Kristy.

## Fanokanana fasana

Ny olona izay manokana fasana dia tsy maintsy manana ny Fisoronana Melkizedeka ary *tsy maintsy mahazo lalana avy amin'ny mpiandraikitra ny fisoronana izay mitarika ny fotoana.*

Rehefa manokana fasana izy dia:

1. Miantso ny Ray any an-danitra.
2. Milaza fa manokana ny fasana amin'ny alalan'ny fahefan'ny Fisoronana Melkizedeka.
3. Manokana ny fasana ho toerampialan-tsasatry ny vatan'ny maty.
4. Mivavaka mba ho toerana masina sy voaro izany mandrapahatonga ny Fitsanganana amin'ny maty raha mety.
5. Mangataka ny Tompo mba hankahery ny fianakaviana ary milaza zavatra hafa koa araka ny fitarihan'ny Fanahy.
6. Mamarana amin'ny anaran'i Jesoa Kristy.

Raha tian'ny fianakaviana, dia afaka manao vavaka fanao eny am-pasana ny olona iray (tsara kokoa raha mihazona ny Fisoronana Melkizedeka) fa tsy vavaka fanokanana fasana.

# Fahazoana fitaovana ampiasaina ao am-piangonana sy fitadiavana ny mombamomba ny tetiarana

Ny mpitondra eo an-toerana sy ny mpikambana hafa dia afaka mahazo fitaovana ampiasaina ao am-piangonana toy ny soratra masina, boky fianarana, gazetibokin'ny Fiangonana, sy garmenta ary akanjon'ny tempoly hafa any amin'ny foibe fanapariahana eo aminy na toeram-piasana any amin'ny foibe fanapariahana any Salt Lake na amin'ny alalan'ny site internet momba ny Fiangonana izay hita ao amin'ny www.lds.org.

Ny fampahalalana momba ny asan'ny tetiarana dia hita ao amin'ny tranokala momba ny tetiaran'ny Fiangonana izay hita ao amin'ny www.familysearch.org.

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

MALAGASY
4 02311 80654 6
31180 654